Lesona 13 hatao ny 29 Jona, 2024




# NY FANDRESEN'NY FITIAVAN'ANDRIAMANITRA

"Ary nahare feo mahery avy teo amin'ny seza fiandrianana aho nanao hoe: 'Indro, ny tabernakelin'Andriamanitra dia eo amin'ny olona, ary Izy hitoetra eo aminy, ary ireo ho olony, ary Andriamanitra no hitoetra eo aminy, dia ho Andriamaniny. Ary hofafany ny ranomaso rehetra amin'ny masony; ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana; fa efa lasa ny zavatra taloha' " (Apokalypsy 21:3, 4)





**Vetivety dia hifarana ilay fifanandrinana lehibe, dia ny fikomian'i Satana amin'ny fitondran'Andriamanitra.**

**Tsy navela tao anatin'ny haizina isika ny amin'ny fiafaran'ilay ady: mandresy Andriamanitra, resy Satana.**

**Na ny tsipiriany momba ilay ady farany aza dia voalaza mazava tsara ao amin'ny Baiboly.**





- Fotoam-pahoriana sy fanafahana.
- Fotoana ny horohoro sy fifaliana.
- Fotoam-paharavana sy fitsarana.
- Fotoana ny fiainana sy fahafatesana.
- Fotoana hitiavana sy ho tiana.

# FOTOAM-PAHORIANA SY FANAFAHANA

**"Indrisy! fa lehibe izany andro izany, ka tsy misy tahaka azy; andro fahoriana ho an'i Jakoba izany, nefa ho voavonjy ho afaka amin'izany ihany izy"** (Jeremia 30:7)

**"Miaina ao anatin'ny vanim-potoana farany isika. Ny hafainganan'ny fahatanterahan'ireo famantarana ny fotoana dia manambara fa antomotra ny fiavian'i Kristy. Manetriketrika sy manan-danja izao vanim-potoana iainantsika izao."** (EGW, TI9, 11) **. Inona avy ireo toe-javatra ireo?**

**Apok. 22:11**



Vita ny fitsarana ary tapaka ny ho anjaran'ny rehetra. Mikatona ny varavaram-pahasoavana.

**Is. 8:21-22; Jer. 30:7**



Fotoam-pahoriana. Ny ratsy fanahy hanao ratsy tsy voafetra, ary ny marina tsy mahalala na voavela ny helony na tsia.

**Apok. 15:7-8; Ps. 27:5**



Hilatsaka amin'ireo tsy mibebaka ny loza 7 farany. Ambenana sy arovana ny vahoakan'Andriamanitra.

**Apok. 16:14; 1Jao. 3:2-3**



Samy miomana hihaona amin'i Jesosy ireo antoko tsirairay. Misy ny hiady Aminy; ny hafa kosa handray Azy amim-pifaliana.

**Rehefa mamarana ny asa fanelanelanana ataony i Jesosy ary miala amin'ireo tsy mibebaka ny Fanahy Masina, dia ho voaisy tombo-kase ny anjaran'ny tsirairay. Hitohy hahazo ny fanampian'Andriamanitra sy ny fiarovany ireo mahatoky, fa ny ratsy fanahy kosa ho eo am-pelantanan'i Satana. Samy haneho amin'ny toetrany izay nanaphany hevitra fa hotompoiny ny tsirairay.**

# FOTOANA NY HOROHORO SY FIFALIANA

"ary hoy izy tamin'ny tendrombohitra sy ny vatolampy: Mianjerà aminay, ka afeno izahay amin'ny tavan'ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana sy amin'ny fahatezeran'ny Zanak'ondry" (Apokalypsy 6:16)

Nolaviny ny Lalàn'Andriamanitra; nolavin'izy ireo ny loharanon'aina ka nihady "lavaka mitriatriatra" ho an'ny tenany izy ( Jer. 2:13).

Ankehitriny dia mifanatrika amin'ny Mpitsara izy ireo. Fahatezerana sy fanamelohana ihany no azon'izy ireo antenaina. Iza no hanafaka azy ireo? (Isaia 2:19; Apok. 6:16).



"Ary holazaina amin'izany andro izany hoe: Indro Andriamanitsika, izay nandrasantsika hamonjy antsika; indro Jehovah, Izay nandrasan-tsika, koa dia aoka ho faly sy ho ravoravo amin'ny famonjeny isika" (Isaia 25:9)



Nahatoky tamin'ny Lalàn'Andriamanitra izy ireo. Nisotro teo amin'ny ranon'aina (Apok. 21:6). Ankehitriny dia mifanatrika amin'ny Mpitsara azy izy ireo. Fanantenana ny famonjena no azony antenaina. Nahoana no tsy hipololotra fiderana izy ireo? (Isa. 25:9; Apok. 15:3-4).

Tezitra amin'ny sisa i Satana (Apok. 12:17)

- Ataony miankohoka aminy sy mankatò ny lalàny ny olona rehetra (Apok. 13:15-17)
- Manomana an'izao tontolo izao hiady amin'ny Zanak'ondry (Apok. 17:12-14)
- Aringan'i Jesosy ny fahavalony rehetra amin'ny fiaviany (Apok. 19:11-15)

- Mahatoky amin'ny Lalàn'Andriamanitra ny sisa (Apok. 14:12)
- Miomana hihaona amin'Andriamaniny izy (Amosa 4:12)
- Ho entin'i Jesosy miaraka Aminy ireo izay mino Azy (Apok. 19:6-8)



# FOTOAM-PAHARAVANA

"Hatao foana dia foana ny tany, ary hobaboina dia hobaboina tokoa izy, fa Jehovah no efa niteny" (Isaia 24:3)

Amin'ny fiavian'i Jesosy, dia hitsangana amin'ny maty avokoa ny olo-masina rehetra hatrizay; ary ny velona izay mahatoky, sady novana, dia hiara-hiakatra amin'izy ireo ho any an-danitra miaraka amin'i Jesosy (1Tes. 4:16-17).

Ho faty eo anatrehan'i Jesosy ny ratsy fanahy. Tsy hisy handevina ny fatin'izy ireo, ka amin'ny farany, dia tsy hisy soritra fiainana intsony eto an-tany (Jer. 25:33; Apok. 19:17-21; Jer. 4:23-26; Is. 24:3).



Amin'izay fotoana izay, dia voaidy ao amin'ny lavaka tsy hita noanoa mandritra ny arivo taona i Satana sy ny anjeliny, ka tsy ho afaka hamitaka na iza na iza intsony (Apok. 20:1-3).

Ny lavaka tsy hita noanoa (abyssos, toerana feno haizina), no mamaritra tsara ny zava-misy eto an-tany amin'izany fotoana izany. Satria tsy misy olombelona intsony eo, dia tsy hisy demonia haka fanahy. Fotoana hisaintsainan'ireo anjely mpikomy izany, izay voafatotry ny rojo vy ny toe-java-misy, tsy afaka ny hiala amin'ny tany efa lao.



# FOTOAM-PITSARANA

"Ary nahita seza fiandrianana maro aho, ary nisy nipetraka teo amboniny, ary nomena fahefana hitsara izy; […] ary velona izy ka niara-nanjaka tamin'i Kristy arivo taona" (Apokalypsy 20:4)



Raha notanterahina talohan'ny Fiavian'i Jesosy Fanindroany ny Fitsarana, ary efa nampihatra ny didim-pitsarana Izy, dia fiainana mandrakizay ho an'ireo izay nino Azy… inona no hevitr'ity fitsarana vaovao ity?

Nandritra ny taonjato maro, dia naneho ny fitiavany ary nanolotra famonjena ho an'izay rehetra te handray izany Andriamanitra. Nahatonga ny faharatsiana hitombo tanteraka koa izany.



Mandritra ny Fitsarana, dia afaka manatri-maso ny fahamarinana sy ny famindram-pon'Andriamanitra ny amin'ny fomba nitantanany ny fahotana sy ny fikomiana ny tontolo rehetra sy ireo anjely mahatoky. Ho eo anoloan'izy ireo, amin'izany ny tena vokatry ny fitondran'i Satana: tany foana sy Fao.

Isika izay tany amin'ny tanin'ny fahavalo nandritra ny fifanandrinana, ary voavotra ankehitriny, dia mila manatri-maso ny fahamarinana sy ny famindram-pon'Andriamanitra koa. Amin'ny fitsarana mandritra ny arivo taona dia ho resy lahatra tanteraka ny amin'ny fitiavan'Andriamanitra isika fa tsy hiverina intsony ny ratsy (Nah. 1:9).

# FOTOANA NY FIAINANA SY FAHAFATESANA

"Fa, indro, avy ny andro, mandoro toy na fatana fandoroana izy; ary ny mpirehareha rehetra sy ny mpanao ratsy rehetra dia ho vodivary; ka dia handoro azy ny andro izay ho avy, hoy Jehovah, Tompon'ny maro, ka tsy hasiany miangana, na ny fakany na ny sampany" (Malakia 4:1)

"Ary hiposaka aminareo, izay matahotra ny anarako, ny Masoandron'ny fahamarinana, manana fanasitranana ao amin'ny tanany; ary hivoaka ianareo ka hifalihavanja toy ny zanak'omby mifahy" (Malakia 4:2)

Rehefa tapitra ny arivo taona, dia hatsangana amin'ny maty ny ratsy fanahy. Hanaiky ny fitarihan'i Satana indray izy ireo, ary hiady amin'Andriamanitra sy ny olo-masina. Tsy misy zavatra niova, fa levon'ny afo avokoa izy rehetra (Apok. 20:5-9).



Fa mialoha ny fandringanana azy ireo dia hisy fitsarana farany. Sokafana ny boky, ary hanaiky ny asa nataony sy ny fandavany ny antsom-pitiavan'ny Fanahy Masina ny rehetra. Hanaiky ny rariny ataon'Andriamanitra ny rehetra, ka hilefitra eo anatrehany ny lohalika rehetra (Apok. 20:11-13; Is. 45:23; Fil. 2:10).



Lavitry ny fiainana mandrakizay (famaizana mandrakizay), fa iharan'ny "fahafatesana faharoa" izy ireo, izay tsy hisy fitsanganana amin'ny maty intsony (Apok. 20:14-15; Sal. 37:20; Mal. 4:1; Is. 26: 14).

Foana ny fahafatesana sy ny ota. Fotoana famafana ny ranomaso rehetra izao ary hankafizana fiainana mandrakizay sy mahasambatra (Apok. 21:4).




# FOTOANA HITIAVANA SY HO TIAVINA

"Tany lavitra any no nisehoan'i Jehovah tamiko ka nanao hoe: Fitiavana mandrakizay no nitiavako anao, koa izany no nampaharetako famindram-po ho anao" (Jeremia 31:3)

**Ary inona no hataontsika any amin'ny Tany Vaovao mandritra ny mandrakizay?**







- Ny hazo fijalian'i Kristy no ho fianarana sy ho anton-kiran'ny voavotra mandritra ny mandrakizay manontolo.
- Eo amin'ireo lohasaka mandry fahizay ireo, eny amoron'ireo rano velona no nahita fonenana ny vahoakan'Andriamanitra [...]
- Hibanjina ny hery mahagaga nahariana izao rehetra izao ny voavonjy
- Hivelatra ny fahaizana rehetra, ary hitombo ny talenta rehetra
- Tsy hanasatra ny saina na handany hery ny fitadiavam-pahalalana
- Ho tanteraka ny fikasana miezinezina indrindra; ho tratra ny zava-kendrena ambony indrindra, ho tanteraka ny faniriana ambony indrindra.
- Mbola hisy ihany tendro vaovao hotratrarina; zava-mahagaga vaovao hahalina; anton-javatra vaovao hampiasana ny herin'ny saina sy ny fanahy ary ny tena.
- Mizara [amin'ny voary tsy lavo] ny harem-pahalalana sy ny haren-tsaina azony nandritra ny andro rehetra nifandimby teo am-pandinihana ny asantanan'Andriamanitra izy
- Tsy misy manamaloka ny fijeriny eo am-pitazanana ny voninahitry ny famoronana – ny masoandro, sy ny kintana ary ireo vondron-kitana, samy mandeha manodidina ny seza fiandrianan'Andriamanitra

Notsongaina to amin'ny "Hery Mifanandrina" p. 677-702-704-705)

“Mifarana hatreo ilay ady lehibe. Tsy misy intsony ny fahotana sy ny mpanota. Voadio tanteraka ny tontolo rehetra. Miara-mitempo fifaliana sy firindrana ny voary manontolo. Avy amin'Ilay Mpamorona izao rehetra izao no mikoriana ny aina sy ny fahazavana ary ny fifaliana manerana ny fanjakana eny amin'ny habakabaka tsy misy fetra. Hatramin'ny atoma kitika indrindra ka hatramin'izao tontolo izao lehibe indrindra, ny zavatra rehetra, na ny manan'aina na ny tsy manan'aina dia samy manambara amin'ny alalan'ny hankatony sy ny fifaliany safononoka fa Andriamanitra dia fitiavana.”



EGW (Hery Mifanandrina, p. 706)